

Papa Fransoà

Namela hafatra hampisaina ny mpitondra 3

NY VALOSOÀ

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Jabotsy)

VAOVAO

Faminaniana sy fanambarana 5
ho an'izao tontolo izao (GV 150),
Madagasikara 08 septambra 2019

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 10 septambra 2019

Laharana 951

Vidiny : 400 Ar

Hafatry ny Ray Masina François 2

Filoha Marc Ravalomanana mivady 2

Tehamaina Niombom-bavaka ho an-dRajoelina... tamin'ireo mpino Katolika



BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA 3

Nanolotra ny lakilen' Antananarivo ho an'ny Papa François



Ady amin'ny asan-jiolahy 6

Jiolahy 18 taona mpamerin- keloka saron'ny polisy

Befandriana Atsimo 6

Saron'ny tafika ny famotsiam'omby halatra

Fanambaràn'ny Kardinaly ho an'ny Papa 3

Handray an-tanana ny ady amin'ny fahantrana ny Eveka

Daka kely
Hijinja tadio eo ialahy ry Boaikely amin'ireny hafatry ny Papa ireny a!

Ady amin'ny hosoka sy halabato 3

Mitohy hatrany ny tolona ataon'ny MCFIE



FILOHA MARC RAVALOMANANA MIVADY

Niaraka niombom-bavaka tamin'ireo mpino Katolika

Toy ny olompirenena rehetra, na tsy ao anatin'ny finoana katolika aza ny filoha Marc Ravalomanana mivady dia niaraka niombom-bavaka tamin'ireo mpino tao Soamandrakizay ny tenany sy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nandritra ny lamesa lehibe notarihin'ny Ray Masina François ny alahady teo. Mialohan'izay dia teny Andohalo ny filoha Marc Ravalomanana no nihaona mivantana tamin'ny izay tena zava-dehibe aminy izany. Faly,



tena faly aho hoy Dada, nihaona tamin'ny Papa Ray Masina François, ary miombon-kafaliana tantaraka amin'ny mpino katolika sy ny Malagasy re-

hetra. Mihaino sy mandray ny hafatra apetrany isika rehetra, ary toa azy, hamafy fiadanana sy fanantenana ihany koa ho an'ny mpiarabelona sy ny firenena. Miara-miombombavaka aminy ho an'ny Malagasy sy i Madagasikara. Ary indrindra, mirary soa ho azy sy mitondra azy am-bavaka mandritra ny fivahinany eto, amin'izay fandraharampotoanany rehetra eto amintsika ary ny asany amin'ny fitorianana ny filazantsara.

Helisoa

Hafatry ny Ray Masina Francois

Felaka tehamaina ho an-dRajoelina sy ny fitondrany



Tapitra androany ny fivahinany ny Ray Masina François teto Madagasikara nandritra 5 andro. Toerana maro no notsidihany tamin'izany, ka ny sabotsy maraina teo dia teny amin'ny lapampanjakana lavoloha, izay nihaonany voalohany tamin'ireo mpitondra sy ny fiarahamonim-pirenena ary ireo masoivoho vahiny araka ny fandraharan-potoana izay efa napetraka. Nisy ny hafatra mafonja nataon'ny Papa François ho an'ireo manampahafana eto amin'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy. Tsy nitsitsy fitenenana ny ray amandreny ampahany ary toy ny tehamaina ho an'ny Filoha Rajoelina sy ny fitondrana tarihany ny lahateny nataon'ny filohan'ny EKAR eran-tany, satria fantany tsara ny fahantrana sy ny olona mahazo ny vahoaka Malagasy. Nason-gadiny tao anaty lahateny ny resaka fihava-

nana izay soa toavina mampivavaka ny Malagasy ny fandalàna izany, eo ny resaka kolikoly sy tontolo iainana. Voalohan-tenin'ny Papa François teny lavoloha ny fiarahabany ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka izay nahatonga izao fitsidihany an'i Madagasikara izao, tany mahafinaritra araka ny namberany. Ao amin'ny savaranandron'ny lalampanorenana Malagasy hoy izy dia natao ny nana-marihana toy ny tombon-kase ny iray amin'ny soavoavin'ny kolotsaina Malagasy dia "ny fihavanana", izay mampahatsiaro ny toetsain'ny fifampirazana, ny fifanampiana ary ny firaisankina. Amin'izany no hisehoan'ny fanahy "Malagasy sy toetra mampivavaka azy. Raha tsy maintsy eka-tsika sy omena lanja ity tany voatsodrano ity hoy izy, noho ny hatsarany sy ny harena voajanahary tsy hita pesimpesinana ananany dia tsy aza amaivanina mihintsy ny manome lanja an'ilay fanahy maha Malagasy". Teo amin'ny lafiny politika dia nazava ny fanambarana nataon'ny Ray Masina, hatramin'ny nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovantena hoy izy dia naniry hiaina ao anaty fandraimpahalemana sy filaminana ny Malagasy, ka niroso tamin'ny fifan-

dimbasana demokratika izay nanehoana ny fanajana sy fifamenoan'ireo fomba fitantanana sy ireo vina. Mazava ho azy izany fa ny asa sy andraitry ny politika hoy izy dia miteraka fanamby maharitra ho an'ireo izay nomena iraka, mba hanompo sy hiaro ny mpiray tanindrazana aminy. Ho an'ny resaka kolikoly indray dia nazava ny hafatra napetraky ny Papa François, mankahery anareo aho hoy izy hiady amin'ny herinareo ny endriky ny areti-maharitra ny kolikoly sy ny fitadiavana tombontsoa, izay mampitombo ny fahasamihafana ara-tsosialy eo amin'ny Malagasy. Izay hoy izy no tsy maintsy hanorena ireo rafitra elanelampahany, izay afaka miantoka ny fitsinjara tsaratsara kokoa ny vokatry ny asa ary ny fampivoarana ny fari-piainan'ny mponina indrindra ireo tena manahitra. Ny fijerena ny antoko mpanohitra izay arirariran'ny fitondrana ny famoahana ny sata mifehy azy, nefa lalàna efa tokony hampiharina. Ankoatra izany, nisy hafatra napetraky Papa amin'ny fomba iarovana ireo harena voajanahary. Ny nosy Madagasikara hoy izy dia tsara tarehy ary manankarena amin'ny zavamanan'aina maro isan-

karazany : zavamaniry sy ny biby, nefa tandindondondo vokatry ny faharavan'ny ala efa tafahoa noho ny tombontsoan'olom-bitsy. Eo ny fikapana sy fanondranana antokosoko any ivelany ireny hazo sarobidy ireny. Marihina anefa hoy izy fa ny ankamaroan'ireo asa manimba ny tontolo iainana dia ireo miantoka amin'ny fotoana tsy maharitra ny fiveloman'ireo mponina voakasik'izany. Noho izany, zava-dehibe tokoa ny mamorona asa fihariana ahazoambola izay manaja ny tontolo iainana sy manampy ny olona hiala amin'ny fahantrana. Farany, ilaina hoy ny Papa François ny fihainoana ny hafa, izay mbola tsy ataon'ny fitondrana Rajoelina hatreto, fa ny di-dohan'izy ireo ihany hatreto no mbola ataony. Raha manohana ireo fandraisana andraikitra ireo isika hoy izy dia ny feon'ny tsy manampy ho lasa heno bebe kokoa. Tahaka izany ireo endrika maro samihafa ahitana firindrana na dia mifanohitra aza. Manainga anareo aho hoy ny Papa François mba hihevitra ny lalan-kizorana ahitana fa tsy misy olona iray azo ahilika, na mandeha irery na very eto amin'ny firenena.

Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka
Rahoviana no higadona sy iainana ny andrasan'ny vahoaka ?

Dia niaraha-nahita ireny ny fotoana samihafa natrehin'ny Papa François tao anaty andro vitsivitsy nandritra ny fitsidihany teto amintsika. Amin'ity andro ity izy no voalaza fa handao an'i Madagasikara, rehefa avy niserana tatsy amin'ny Nosy Maorisy omaly alatsinainy. Niharihary fa teto amintsika no nanatombo ny andro nijanonany noho ny tao amin'ireo firenena hafa, toa an'i Mozambika sy ny Nosy Maorisy. Misy dikany lehibe izany tsy ho an'ny vahiny ihany, fa ho an'ny eto amin'ny firenena ihany koa, indrindra ireo voakasika akaiky. Ny andrasana izany izao dia hoe : hanova inona eto amin'ny firenena izany fandalovana fotoana lavalava teto izany ? Raha ho an'ny mpianakavin'ny finoana katolika dia efa mazava ihany ny azy iny, fa raha ho an'ny vahoaka Malagasy rehetra kosa dia misy ny andrasany satria nisy ny dinika nifanaovany tamin'ny filohan'ny Repoblika sy ireo tompon'andraiki-panjakana samihafa eto amin'ny firenena. Marihina fa eo amin'ny 2/3 ny vahoaka Malagasy eo tsy mpino katolika avokoa araka ny fanadihadiana tsotsotra. Na izany na tsy izany, miverina amin'ny laoniny indray aloha ny fiainam-bahoaka taorian'izao fotoan-dehibe ara-pinoana izao, izay tsiahivina fa tsy ny an'ny fiangonana katolika ihany, fa nanana ny azy koa ny fiangonana hafa toy ny loterana Malagasy. Miverina amin'ny laoniny ny fiainam-bahoaka toy ny tamin'ny andro manan-tantaran'ny ekipam-pirenena Malagasy niatrika ny Can 2019 tany Egypta. Taorian'ireny dia nandrasana izay fiovana hitranga na teo amin'ny fiaraha-monina sy ny mpiray tanindrazana, na teo amin'ny fitantanam-pirenena sahanin'ny fitondrana. Dia iarahamahita ny zava-misy iainam-bahoaka hatreto sy ny fomba fitondrana vahoaka. Misy fanampiny indray ity izao ny tranga mahakasika ny rehetra, ka iarahamahita eo izay akony na ho fiantraikany. Ny adivevitra dia hoe : misy tranga toy ireny efa niainan'ny vahoaka impiry vao ho tonga ny andrasany ?

Sôh'son

Filoha Ravalomanana
Niantso ny Papa François hampahaona azy amin'ny mpitondra

Nialohan'ny fahatongavan'ny Ray Masina François teto Madagasikara, nandefa taratasy ho azy ny filoha Marc Ravalomanana, izay filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara. Tamin'izany no nanankasitrahana'i Dada azy noho ny hafatra nataony momba ny fitazonana ny voafonja eto amintsika, izay tokony hanaja ny zon'olombelona. Tsy hisy ny fampandrosoana eto amin'ny firenena hoy ny filoha Marc Ravalomanana, raha tsy mandray anjara avokoa ireo mpisehatra rehetra amin'ny fampandrosoana. Niantso ny Ray Masina François izy noho izany, hampahaona azy amin'ny mpitondra mba hisian'ny teny fifampiresahana sy fifanatonana eo amin'ny samy Malagasy ao anatin'ny foto-kevitra Kristiana, ho amin'ny filaminana politika, izay fototry ny fampandrosoana maharitra. Ny hafatra sy vavaka momba ny fiadanana homena ny vahoaka Malagasy, sy ny mpitondra dia hanampy anay hanatratra izany tanjona izany hoy Dada. Heverina fa ao aorian'ny fandalovan'ny Papa teto amintsika, hisy ny fifanatonana eo amin'ny samy Malagasy, na ny fampihavanam-pirenena tena izy.



Nangonin'Isambilo

Soamandrakizay
Zaza very naterin'ny polisy tany amin-dry Masera

Naterin'ny Polisy-pirenena teny amin'ny masera Sabotsy Namehana, soeur Ursuline Amorondria, izy telo mianadahy dia ilay zazavavy kely 9 taona Zanak'i bebe Zafy avy any Ambohidroa Morarano Chrome sy Zazalahy kely antsoina hoe Bryan avy any Ambatolampy Ambohibao zanak'i Angeline sy Solofo ary fa-

rany ilay zazavavy kely 14 taona avy eny Ambohijakana, Zanak'i Nadia, izay tafasaraka tamin'ireo Ray aman-dReniny teny Soamandrakizay. Ilazana ireo izay mahafantra azy ireo arak'izany hanatona ny Masera Sabotsy Namehana, soeur Ursuline Amorondria.



Isambilo Ireo zaza very sy ny Masera eny Sabotsy Namehana.

Ny Valosoa sy hadihady

Papa Fransoà Namela hafatra hampisaina ny mpitondra

Lasa indray ny Filohan'ny Eglizy katolika, ny Papa Fransoà, ka hiverina amin'ny fiainana andavanandro koa ny Malagasy. Tsy nisy antontan'isa moa ny habetsahan'ny olona nitsena azy tamin'ny fahatongavany teny Ivato, ka tsy afaka milaza iza no betsaka kokoa ny mpitsena azy sa ny mpitsena ny Barea? Sasanangy samy hafa, angamba ireo, satria ity farany dia hafaliana ara-nofa kanefa raha ny filazan'ny maro dia nampiarra-mientana sy nampiray hina ary nisy sahy nilaza mihitsy fa nampihavana ny vahoaka malagasy ny zava-bitan'ny ekipam-pirenena. Mety ho marina izany eo amin'ny lafiny ilany, saingy etsy andaniny kosa dia tsy nampihavana ny politisiana ny toe-draharaha iny. Porofon'izany ny tranga teny amin'ny Antenimierampirenena momba ilay lalàna momba ny mpanohitra izay nifono kajikajy politika, izay mampisara-bazana ireo mitonona ho misolo vava ny vahoaka. Tsy nitovy hevitra tamin'ny Antenimierampirenena ihany koa ny tao amin'ny Antenimierandoholona, izay midika fa tsy ny toe-draharaha sahala amin'ireny no nampihavana ny gasy amin'ny ankapobeny. Hita taratra tamin'ny ffidianana izay ho filohan'ny federasiona malagasiny ny baolina kitra ihany koa, fa tsy mampihavana ny malagasy velively ny baolina kitra na lavalava satria fiampiangapana ho nanao kolikoly ny lany rehefa tsy lany ny kandidampanjakana. Raha tsy nankatoavin'ny Fifa sy ny Caf ny vokatra dia azo ninoana fa gidragidra no niararan'ny ffidianana iny. Nisy nanao kisarisary tamin'ny gazety an-tsoratra mihitsy ilay fitenenana "azo raisina fa tsy mitombina" momba ny fitoriana ny fisian'ny kolikoly. Raha fehezina dia raha tsy ny avy any ivelany no manome ny jiro maliso dia tsy afaka hifanaraka sy hifanajia mihitsy ny samy gasy. Kolontsaina efa tsy iainan'ny gasy intsony ny "aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana", hafaliana aranofo sy nandalo ihany iny resaka Barea iny, ka "izay ateraky ny nofo dia nofo, ary izay ateraky ny fanahy dia fanahy". Tsy nisy hafatra napetraky ny Barea na

ny mpitarika azy ireo ho an'ny Malagasy sy ho fampandrosoana ny Firenena, fa fampantantanana hanao tsaratsara kokoa noho izay vitany no nifaranan'ny resaka ary lasa mpilalao matihanina any ivelany ireo mpilalao nisongadina. Firenena roa anisan'ny mahantra indrindra eran-tany no notsidihan'ny Papa Fransoà dia i Mozambika sy Madagasikara ankoatry ny nosy Maorisy, ka azo inoana fa tsy tongatonga ho azy izany, fa nisy fitaovana nampiasain'ny Fanahy Masina nibitsika taminy ho aty amin-tsika satria na nisy nanasa azy aza tsy ho tanteraka ny fiaviany raha tsy sitrapon'Andriamanitra. Raha ny kabarin'ny dinihana dia mahalala tsara ny toe-draharaha iainan'ny Malagasy izy satria niresaka momba ny kolikoly sy ny fihavanana ary ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny harem-pirenena izy. Nasiana resaka ihany koa ny figalabonan'ny olombitsy ao anatin'ny harena be kanefa ny maro an'isa dia miaina ao anaty fahantrana lalina ka miteraka fisaraham-bazana sy tsy fandiampahalemana izany. Namporisika ny Malagasy mba "hihavana" izy ary toa samy nankasitraka izany avokoa ny mpisehatra ara-politika rehetra, ka anisan'izany ny Amiraly Ratsiraka Didier. Tsy ny ara-nofa velively no nanainga ny vahoaka an-tapitrisa tonga teny Soamandrakizay, ary tsy ny habita olona amin'ny maha olona ny Papa Fransoà no nandaniana vola amin-karena, fa tena hazazoana aimpanahy sy fiadanana na dia eo aza ny adim-piainana tsy maintsy atrehina isanandro vaky izao. Nahatsapa ny tanora amana hetsiny fa ilaina ny fitalahoana amin'Andriamanitra ho an'ity Firenena ity, ka niharitra ny hatsiaka tamin'ny fotoam-bavaka izy ireo ny alin'ny sabotsy. Hifarana hatreo tokoa ny fitaivan-tena sy ny fitaivan-tseza ary ny fitaivam-boninahitra, fa tena hifampitsinjio ny Malagasy, ka hisy fampandrosoana sy hiaina ao anatin'ny fiadanana araka ny vina sy ny velirano ny Firenena.

Andry Tsiavalona

BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA

Nanolotra ny lakilen'Antananarivo ho an'ny Papa François

Nanana andraikitra lehibe tamin'ny fahatongavan'ny Ray Masina François teto Madagasikara ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tarihin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Nandritra izany dia tsy nikely soroka ny tanànan'Antananarivo tamin'ny fikarakarana rehetra, indrindra tamin'ny resaka fanadiovana ny tanàna sy ny fandaminana rehetra tamin'ny fandraisana ny Ray Masina. Tao anatin'izany dia tonga teny amin'ny katedraly



Andohalo ny ben'ny tanàna Lalao Ravaloma-

nana sy ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny

tanàna, Marc Ravalomanana, tonga nitondra ny lakilen'Antananarivo ho an'ny Papa Ray Masina François tamin'izao fahatongavany teto Antananarivo renivohitr'i Madagasikara izao, Antananarivo izay soa lombonan'ny Malagasy. Tao anatin'izany no nanomezan'ny Papa François fanomezana manokana koa ho an'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokany

Helisoa

Ady amin'ny hosoka sy halabato

Mitohy hatrany ny tolona atao'ny MCFIE

Na efa nivoaka aza ny didy tsy azo ivalozana avy amin'ny HCC tamin'ny ffidianana solombavambahoaka farany teo dia tsy mijanona, fa mitohy hatrany ny tolona atao'ny hetsiky ny olompirenena miady amin'ny hosoka sy ny halabato na MCFIE. Re izany nandritra ny valandresaka nataon'ny fikambanana manoloana ny mpanao gazety omaly tao Behoririka. Nisy ny fitetezam-paritra nataonany hoy Rakotomalala Henri na Riri-be, nakana ny hevitra ny vahoaka teny ifo-

tony, ka faritany 2 sisa no tsy vitanay tamin'izany. Rehefa vita ny faritany ambiny dia hisy ny fanangonana ny fehin-kevitra rehetra, ka atambatra ho iray izany, kao aorian'izay dia hisy ny fanapahan-kevitra ho raisina hoy Riri-be. Ny zavatra tadiavin'ny hetsiky ny olompirenena miady amin'ny hosoka sy ny halabato dia mba ho ffidianana madio eken'ny rehetra no hisy eto amin'ny firenena. Tokony tsy hisy intsony ilay fitenenana hoe "azo raisina fa tsy mitombina". Nisy ny fi-

toriana aman-jatony napetrakay teny amin'ny HCC, nefa ny site no namoaka tsotsotra ny valin'ireny fitoriana ireny fa tsy mba natao mangarahara tamin'ny vahoaka Malagasy iray manontolo. Ho avy ity hoy Rakotomalala Henri ny ffidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina; amin'ireo kaominina 1600 mahery dia mbola 30 hatramin'izao ireo kandida mirotsaka ho fidiana. Midika zavatra hafa izany amin'izao andro vitsy sisa hanolorana ny maha kandida ny olona iray izao hoy

izy. Ny MCFIE efa nangatoka foana hoe aleo hihe-motra ny ffidianana, fa mba jereana tsara aloha ny lisi-fidiana izay tena fototra nisian'ny halabato teto amin'ny firenena, kanjo izao alefa izao ihany. Eto izahay dia manamafy hoy ny MCFIE, fa tsy hijanona ny tolona atao'ny raha mbola misy ny halabato sy hosoka mandritra ny ffidianana ho avy eo, ny efa vita mbola takianay hatramin'izao satria mbola manangona porofo foana izahay hatramin'izao.

Helisoa

NY TENY FIAINANA

II Korintiana 3:6



Izay efa nampahaleo anay koa ho mpanompo amin'izay fanekena vaovao, nefa tsy amin'ny soratra, fa amin'ny Fanahy; fa ny soratra mahafaty, fa ny Fanahy no mahavelona.

Fanambaràn'ny Kardinaly ho an'ny Papa Handray an-tanana ny ady amin'ny fahantrana ny Eveka

Ny tolakandron'ny sabotsy teo no nihaona mikatontrano tamin'ny Papa Ray Masina François ny fikambanan'ny Eveka miisa 22 eto Madagasikara, tarihan'ny Kardinaly Désiré Tsarahazana. Tsy nisy nipika ny resaka tamin'izany, fa nisy ny hafatra nataon'ireo fikambanan'ny Eveka eto Madagasikara ho an'ny Papa Ray Masina, izay nataon'ny Kardinaly. Nisongadina tamin'ny fanambaràna ny handraisan'ireo Eveka ny ady amin'ny fahantrana eto Madagasikara, izay efa nataony hatramin'izay, sy ny ady amin'ny fototry ny kolikoly sy ny tsy fandiampahalemana eto amin'ny firenena.

Ry Ray Masina,

Mamelà ahy ianao handray fitenenana amin'ny anaran'ireo rahalahiko Eveka eto amin'ny fivondronan'ny Evekan'i Madagasikara, mba hiray anao tonga soka eto amin'ny nosy lehibe sady mahafinaritra ity. Ny hafaliana sy ny fankasitrahana avy amin'ny Eglizy amin'ny endriny maro samihafa sy amin'ny vahoaka Malagasy manontolo no ambaran'ny vavako androany. Manitsaka ny tanin'ity firenena manankarena amin'ny tantarany, ny kolontsaina mampivavaka azy ary ny fahendrena nolovainy tamin'ireo razana ianao. Mihaona amin'ireo vahoaka ianao, vahoaka mino Andriamanitra mpahary, mino an'ilay Andriamanitra loharanon'aina, ka ao anatin'izany dia manan-kasina ny olombelona. Io fototra io dia harena ka manamora ny fandraisanay ny Evanjelin'i Kristy.

Anisan'ny toetra mampivavaka ny Eglizina ny firosahanay handray andraikitra amin'ny fampianana ireo mahantra ny ankamaroany. Mahavaky fo anay ny kolikoly sy ny tsy fitoviana amin'ny mpiara-belona. Mbola mampihahy anay mandrakariva ny tsy fisian'ny fandiampahalemana. Tsy hainay ny hangina amin'izao, ka tsy hihetsika. Ny tsirairay aminay dia afaka manova ny zava- misy ao amin'ny ambaratonga misy azy. Tsy maintsy mirotsaka an-tsehatra izahay mba "hihivy ilay Trano Iombonana" araka ny antso nataonao taminy. Ry Ray Masina, miray feo amiko ny Eglizy Malagasy manontolo mba hisaotra anao noho ny fahiana pastoral asehon'izao fitsidihanao izao. Mivantanjo ao amponay ny hafatra mifono fanantenana sy fiadanana omenao ary raisinay ho fanohanana sarobidy sy fankaherezana anay mba hanohy ny fitoriana ny "Hafalian'ny Evanjely" ao anatin'ny fombonana aminao. Mirary fitsidihana apostolika mitondra vokatra izay ataonao amin'ity singan'izao tontolo izao ity izahay, no sady manantitra ny fankasitrahany feno firahalahiana ary mangataka ny tsodrano avy aminao.

Nangonin'i Helisoa

TOMONTAKALO

Hiandry an'iza ho avy indray?

Hiandry an'iza ho avy indray vao hihetsiketsika ianareo? Ireo mpamatsy vola anie tsarovy f'efa be no leo, Satria andrasany mihitsy izay ho fiovana haingana, Nefa hatreto toa tsy hila izay mba zavatra mivaingana.

Hiandry an'iza ho avy indray vao hihetsiketsika ianareo? Ireo mpamatsy vola anie mba tofoky ny "omeo,omeo", Ka tsy olona mpangata-dava, tsy izany no andrasany, Fa ny misy zotom-po ka misongadina ny asany.

Hiandry an'iza ho avy indray vao hihetsiketsika ianareo? Ireo mpanohitra, jereo fa efa indro mampiaka-peo, Ka sao "nareo hihahaka eo, ho lany andro am-pisikinana. Ffidianana, fantaro f'io no seha-panadinana.

Hiandry an'iza ho avy indray vao hihetsiketsika ianareo? Ny fahantran'ireo vahoaka, izay no maika ka jereo. Tsy ny vahiny izay mandalo no hamafy fiadanana, F'ianareo mpitondranay ka "ndeha avoty ireo tsy manana.

DADAN'i ZINA (08-09-19)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fitsidihan'ny Papa François tetsy amin'ny Katedraly Andohalo.



FISAFOANA AMIN'NY ANDRO SY ALINA

Jiolahy 2 lahy voasambotry ny polisy tetsy Isotry

Lehilahy miisa 02 no voasambotry ny polisy avy eo anivon'ny kaomisarian'ny boriboritan'ny faha-4 etsy Isotry, ny fisafoana izay tsy miato andro sy alina amin'ny faritra iny no nahafahana nisambotra ireto mpanendaka ireto. Ny sabotsy teo, tokony ho tamin'ny 03 ora tolakandro dia tovolahy 15 taona no lasibatry ny mpangarompaosy teny Ambodin'Isotry, finday 01 izay tao ampaosiny no nosokirina lehilahy 01 tamin'io fotoana io. Henony anefa



Ireo mpanendaka roalahy saron'ny polisy tetsy Isotry.

izany ka niantso vonjy izy. Vaky nandositra ilay olondratsy saingy voasambotry ny polisy nanao fanamiana sivily efa niandry tsy lavitra teo. Lehilahy 29 taona kosa no tratra teo am-panendahana lehilahy teo Ambodin'Isotry amin'ny andro alahady tokony tamin'ny 04 ora tolakandro. Narahiny avy ao aoriana ilay lehilahy ary teo am-pisokirana ny vola tao am-paosiny izy no nisy nahita ary dia voasambotry ny fokonolona.

Ny Valosoa

Ady amin'ny asan-jiolahy

Jiolahy 18 taona mpamerin-keloka saron'ny polisy

Tovolahy 01, 18 taona monina eny Anosipatrana no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny PPA3 Ilanivato, rehefa avy namaky tranon'olona ka nibata ny vata fahitalavitra tao. Mpiara-monina aminy teo Anosipatrana ihany ty nanaovany ny asa ratsiny ity. Tokony ho tamin'ny 12 ora atoandro, raha hitany nandeha nivoaka ny trano ny tompon-trano dia nohararaotiny nidirana ilay trano ka nobatainy ny vata fahitalavitra. Nentiny nafenina tao an-tranony izany rehefa azony. Nisy



Ilay jiolahy mpamaky trano sarona teny Ilanivato.

nahita anefa ny nakany izany ka rehefa niverina ny tompon-trano sahabo tamin'ny 01 ora tolakan-

dro ary nahita fa nisy namaky ny trano dia niantso polisy avy hatrany. Rehefa tonga ny polisy dia nivantana tao an-tranon' ilay tovolahy, ka dia tratra tao ilay Vata fahitalavitra. Nentina nanaovana fanadihadiana teo anivon'ny PPA3 Ilanivato moa ity tovolahy ity ary fantatra fa efa nifonja nandritra ny 08 volana izy noho ny antony fanendahana sy halatra ihany ary nivoaka ny fonja ny volana desambra 2018.

Ny Valosoa

Fjkm Ambohidanerana Fahazavana

Trano vadipianganana no tsangam-baton'ny faha-150 taona

Ho feno 150 taona ny Fjkm Ambohidanerana Fahazavana, synodam-paritany Antananarivo atsinanana amin'ny taona 2022. Fotoamben'ny mpino kristiana sy ny zanaka am-pielezana ny alahady 8 Sep tandra lasa teo, tafiditra amin'ny fetin'ny taranaka rahateo. Tsangambaton'izany faha-150 taonan'ny fianganonana izany ny fananganana trano vadipianganana,

na, ka ilay efa teo aloha ihany no arodana ka at-sanganana ho vaovao. Nifanome tanana amin'ity ezaka hotanterahina ity ireo mpino kristiana tamin'ny alalan'ny rakitra isan-taranaka maherin'ny dimampolo amby zato tataka, narahana mari-pankasitrahana noho ny fiaraha-miasa sy fahatsiarovana. Ankoatr'izay, dia mbola ezaka manaraka ihany koa ny fananga-

nana tamboho manodidina ny fianganana raha ny nambaran'ny mpitan-drina, Rajarison Mamihanitriaiana mitondra ny Fjkm Ambohidanerana Fahazavana. Ny mpitan-drina teo an-toerana no nitarika ny fotoana sy nitondra ny hafat' Andriamanitra nalaina tao amin'ny Lioka 10 nakana ny loha-hevitra hoe : « Fanalahidy mba hahafantarana fa mafy orina ny tany izay

nampianarina anao ». Nisy ny nanolo-tena ho an'ny tompo sy ny sakramentan'ny batisa ary fandraisana ny fanasan'ny tompo no namaranana ny fotoana teny an-toerana. Nanafana ny fotoana kosa ny Taratry ny Mazava sy ny zanaka am-pielezana avy any Moramanga sy ny teo an-toerana.

Rajo

28 taona niarahana niasa

Razakariasa Elie Joseph sy ny FJKM Ivoanjo Finoana

Hiomana amin'ny fisotroandronon'ny mpitandrina Razakariasa Elie Joseph Constant, ny Fjkm Ivoanjo Finoana, synodam-paritany Antananarivo andrefana ato ho ato. Nisongadina io nandritry ny fankalazana an' Andriamanitra noho ny alahadin'ny mpitandrina ny 1 Sept 2019 lasa teo. Fanompoam-pivavahana notarihan'ny filohan'ny firaisan'ny diakona sy ny loholona, Rafarahanta Voahangy raha ny mpitandrina misotro ronono, Rasolomanana Nehemie kosa no nitondra ny hafat' Andriamani-

tra, nalaina tao amin'ny Kolosiana 3:23 manao hoe « ary na inona na inona ataonareo, dia ataovy amin'ny fo tahaka ny ho an'ny tompo, fa tsy ho an'olona ». Tao anatin'izay 28 taona nitondran'ny mpitandrina ny Fjkm Ivoanjo Finoana izay, dia maro ireo ezaka samihafa efa vita, tao anatin'izany ihany koa anefa dia maro ireo olana samihafa, saingy vita ihany izay 28 taona izay. Nivava iny alahadin'ny mpitandrina iny satria nifanome tanana ireo mpino kristiana nanohana tamin'ny fomba hita maso an-

koatry ny vavaka sy tsodrano ho an'ny mpitandrina mianakavy. Nambaran'ny mpitandrina eo an-toerana fa mbola vina ankoatry ny fametahana ireo anaran'ny mpitandrina nifandimby taorian'ny tsangam-baton'ny faha-150 taonan'ny fianganonana, ny famontosana filazantsara ny nosy Madagaskara amin'ireo madiniky ny tompo mila vonjy. Hipoka ny Fjkm Ivoanjo Finoana ny alahady 1 Septambra lasa teo, ary fandraisana ny fanasan'ny tompo no namaranana ny fotoana.

Rajo

Vakinankaratra

Miisa 21 467 ireo mpiadina amin'ny fanadinana BEPC

Nizotra tam-pilaminana ny fanombohan'ny fanadinam-panjakana BEPC ho an'ny faritra Vakinankaratra manontoloa, raha ny omaly no jerena. Raha ny zava-nisy nanerana ireo Cisco miisa 7 hatreto dia tsy nisy ny olana goavana tamin'ny fiatrehana izany, raha ny nambaran'ny teo anivon'ny DRENTP Vakinankaratra. Raha ity Faritra Vakinankaratra ity moa dia ahitana foibem-panadinana miisa 78 manerana ireo Cisco 7, ka mitotaly ho 21 467 ny isan'ireo mpiadina manerana ny faritra, ka

Befandriana Atsimo

Saron'ny tafika ny famotsiam' omby halatra

Nandritry ny fisafoana nataon'ny ampahany amin'ireo miaramila tarihin'ny Jeneraly Andriamasimanana William Michel, lehiben'ny tafika avy amin'ny ZRPS Alpha, tao amin'ny Kaomina Befandriana Atsimo dia hita fa misy asa famotsiana omby halatra amin'ny alalan'ny fanamboarana bokin'omby sandoka, izay nataon'olomboafidy ao an-toerana, amin'izao fotoana izao dia hita ireo omby miisa 271 ao amin'ny fokontany Ambovolalany ary tazomina mandra-pahatongan'ireo tompon'andrikiry ny Dinabe, mba hanara-maso ny fahamarinan'ny omby efa manana boky mazava tsara.

Ny Valosoa



Omby halatra saron'ny tafika Malagasy.

Faritra Sava

Mandray anjara amin'ny asa fanadiovana koa ny polisy

Anisan'ny andraikitra sahanin'ny Polisim-pirenena ihany koa ny sehatry ny fahadiovana. Nisy araka izany ny fiaraha-miasa nataon'ny Polisy sy ny fokonolona ao amin'ny faritra Sava tamin'ny fanadiovana ny « canal » amin'ny lalana Ambodisatrana any Sambava renivohitry ny faritra, mialohan'ny hanamboarana azy. Tsy vita hatreo anefa ny asa fa nitatra hatrany amin'ny fanadiovana ny tananan'i Sambava. Velombolo ny mpoina any an-toerana ary nankasitraka ny Polisim-pirenena tamin'ny fihetsika nasehon'izy ireo.

Stefa



Ireo polisy nanao asa fanadiovana tany Sambava.

ahitana sokajin-taona rehetra satria 9 taona ny zandriny indrindra, izay avy any amin'ny Cisco-n'i Mandoto ary 51 taona no zokiny indrindra avy ao Betafo. Raha ho an'ny Cisco-n'Antsirabe manokana dia ahitana mpiadina 5 706 izany. Tamin'ny omaly dia tonga nitsi-

dika ireo foibem-panadinana teto an-drenivohitra ny talem-paritry ny fana-beazam-pirenena sy ny fampianarana ara-teknika ary ny fanofanana arak'asa notronin'ny tompon'andraikitra avy any ofimpirenena misahana ny fanofanana na ny ONCFP.

Solahery

NY VALOSOA
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

Mpiandry raharaha

PHARMACIE DE GARDE
07/09/19 hatramin'ny 14/09/19
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **MAHAFALY** (Près Terminus 165 Mahatony Ivandry) 034 10 937 11
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 22 547 49
- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 / 22 279 79
HOMI Soavinandriana : 22 397 51
Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21
Hopitaly Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17
Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54
Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama :
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel : 03 35 47 / Orange : 032 32 3547
Pompier :
Tél : 118 / 22 250 18 / 22 225 66
Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 / 22 357 09
1^{er} Arrondissement
Tsaralalana : 22 280 54
2^{ème} Ambanidia : 22 309 46
3^{ème} Antanimandro : 22 291 30
4^{ème} Isotry : 22 280 51
5^{ème} Mahamasina : 22 280 48
6^{ème} Ambohimananina : 22 225 52
7^{ème} Ha : 22 291 29
8^{ème} Analamihitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 236 78 / 22 210 79 / 22 674 83 na 84
GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo
Isan-kerinandro Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot 70 Ankadindratombo
TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A. 034 79 07600
MPANAO GAZETY
Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsivalalona 032 07 744 55
Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88
Kolontsaina:
Anr: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89
Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69
Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY MATEX Imprimerie
Fametrachana 951-09-19
Isan'ny natonta: 10 000
Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina amphihibemaso raha tsy ahazoana alaina vita soratanana ary amin'ny tongony

RN34 Nanentana amin'ny fanarahana ny lalànan'ny fifamoivoizana ny zandary

Nanamafy ny asa efa fanaony ny ao amin'ny Compagnie Gendarmerie sy ny Brigade de la Police Routière Mian-drivazo, amin'ny fanentanana sy fitsirihana ny fiara mifamezivezy amin'ny lalam-pirenena faha 34. Izany no natao dia mba ho fifamoivoizana lavitry ny loza indrindra amin'izao fotoana fiaran-tasatra izao ary koa mialoha sy mandritra ary aorian'ny fandalovan'ny Papa izay hita fa maro ireo mpizaika niakatra aty Andrenivohitra nanatrika ny sorona masina lehibe natao ny alahady teo. Maro ireo fiara hita tsy nanara-dalàna ka niezaka namaha ny olana ny Zandarimaria ary nizara ny torolalana sy fanentanana ho an'ny rehetra. Teo ny mampiasa kodiarana efa sola tanteraka izay mety hitera-doza; teo ny fitondrana mpandeha maro mihoatra ny ara-dalàna ary ny mahatsikaiky dia misy mihintsy aza mpandeha any ambany seza sy fitoeran'entana. Lahy tokana ny aina ka aleo malina.



Ireo zandary nanentana tamin'ny RN 34.

Tafo Mihaavo Mitohy ny fanomezan-danja ny vondron'olona ifotony

Ny fandrakofana ala an'i Madagasikara no tondroztra avy amin'ny fitondram-panjakana, ary tafiditra indrindra ao anatin'ny fandaharan'asampanjakana. Miezaka ny manatanteraka izany avokoa ireo ambaratongampahefana isan-tokony ary indrindra ireo sehatra miasa eny ifotony. Tafiditra indrindra amin'ny fanatanterahana izany fandaharan'asampanjakana izany indrindra ny andraikitra iantsorohan'ny Tafo Mihaavo. Vondron'olona Ifotony (VOI) miisa 5: Faneva, Ifivia, FTMT, Ala Maitso ary Mitafa, ao amin'ny fokontany Ambohitrambo, kaominina ambanivohitra Romainandro, distrikan'i Faratsiho no indray notolorana ny bokiny famindram-pitantana ny Ala tapia ao amin'ny faritra misy azy ireo ny herinandro teo. Voarakitra ao amin'io boky izay niarahan'ny filohan'izy ireo nanasonia tamin'ny talem-paritry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra eto Vakinankaratra sy ny ben'ny tanànan'ny kaominina Romainandro io, ny fifanekena ny fanavaozana

ny famindram-pitantana sy ny bokin'andraikitra ary ny drafi-panajariana ireo ala tapia mirefy manodidina ny 800 ha ireo. Isan'ireo zava-maniry mampivavaka ny faritra vitivitsy raha ny Ala tapia; fantatra mantsy fa firenena vitsy manerantany ihany no manana izany ala tapia izany, ary anisan'ny manana izany Romainandro. Ireo faritra hafa manodidina an'i Vakinankaratra ihany koa dia manana ity karazan'Ala ity dia Itasy, Amoroni Mania. Mendrika ny ho arovana arak'izany ity valan-javaboahary ity. Raha tsiahivina dia ny taona 2009 ireo VOI 5 ireo no nahazo ny famindram-pitantana voalohany. Naharitra 4 taona ny fitantanana saingy noho ny antony maro dia tsy vita ny fanavaozana raha tsy tamin'ny andron'ny 05 septambra io. Mitaky andraikitra ny tombontsoa azon'ireo mpikamban'ny VOI sy ny Fokonolona, izay voalazan'ny avy ao amin'ny foibem-paritry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra, fa nahatontosa an-tsakanany sy an-davany ny fi-

kajiana sy firoavana ireo Ala tapia ireo. Anisan'ny amin'izany ohatra ny firoavana ny ala efa misy sy ny fambolena zanakazo. Manodidina ny 1000 ireo VOI mpahazo tombontsoa eo amin'ny famindram-pitantana harena voajanahary io eto Madagasikara, ka raha ho an'ny Faritra Vakinankaratra manokana dia maro ihany koa ireo Fokonolona sy VOI nomena io andraikitra io. Tombon'antoka tamin'ny fanatontosana ny tombana sy ny lafiny ara-teknika rehetra nahatongavana amin'izao dingana lehibe sy manandanja izao, ny avy ao amin'ny foibem-paritry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra, izay notohanany Tafo Mihaavo Vakinankaratra tamin'ny alalan'ny famatsiam-bolan'ny GEF-SGP-NUD, izay tahirim-bola iraisam-pirenena ho amin'ny firoavana ny tontolo iainana. Ny Lehiben'ny sampan-draharahan'ny raharaha ara-toekarena teo anivon'ny Faritra Fanantenana Nicolas no nisolo tena ny Faritra Vakinankaratra nandritra ity lanonana ity.

Lezama

BEHARO Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 292

						Milaza faranana Ora fhaonana Soloina (Miv)
		Menaka				
		Loko				
			Tovona (Miv)			
			Eo @ vatana			
			Eo @ lery (BR)			
			Vavona (Miv)			
			Sahala			
			Avivavy			
					Hidaboka	
					Novimbiny	
					Karterny (Miv)	
	Vahoaka	Ambony				
	Fiakaranana	Daroka (Miv)				
Mpitondra firenena						
Mahare						

BL = Bory Loha Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0291)

Mitsivalana	Mitsangana	- Naratra
- Faranana	- Koa (Miv) - To	- Taona (Miv)
- Omena - As	- Sa - Rava	- Naka
- Misaraka	- Fy - Natao	- Va(ry)
- Anana		- Asa - Hao
		- Fomba
		- Amy - Osy
		- Resaka
		- Nana (Miv)

TENY MIFANARAKA N° 292

	A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1										
2										
3										
4										
5										
6										
7										
8										
9										
10										

Mitsivalana
1. Tsy voabata 2. Vizana - Efatra romana 3. Mitsingevana an-drano 4. Rango-pohy fanamarinana - Faly (Miv) 5. Filazam-potoana - Tsy fahasalamana 6. Dimy sy roa - Ao amin'ny vata 7. Taova (BR) - Vazan-tany (BR) 8. Tampisaka - Eo amin'ny tarehy (BL) 9. Ratsy masaka (BL) - Fanontaniana 10. Rano mikoriana - Kilalao misy vola (Miv)

Mitsangana
A. Filaharana - Omby (Miv) B. Marihany D. Loza - Heloka E. Mpanoritra - Soffa - Feo miverina (BR) F. Sakamalao G. Tovona - Mpanondro toerana (Miv) H. Tsioka, tsoka I. Vokatra any Ankaratra - Teny fanamafisana (Miv) J. Hery sy tanjaka - Asaly K. Fotaka (BR) - Naoty (Miv)

Valiny Teny mifanaraka 0291

Mitsivalana	Mitsangana
1. Fihaviana 2. Inetiny (Niteny) - Ao	A - Fivavahana B. Inena - Irav (Vary)
3. Voninkazo 4. Anevain (Maivana)	D. Hereina - To E. Ativ (Vita) - Rao
La 5. Vaily - NZ - Iar (Ray) 6. Taona	F. Vianato - Ho 6. Anki - On (No)
Na 7. Hiaro - Ozat (Tazo) 8. Ar (Rà)	H. Am (Ma) - Aotra I. Ar J. Nalaina -
9. Natabarana 10. Avo - Anarat (Torana)	No K. Ao - Aratrat (Tantara)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Akon'ny fitsidihan'ny Papa François tetsy amin'ny Katedraly Andohalo sy ny fotoan-dehibe tetsy Soamandrakizay.

